NAMPAHITANA NY LANITRA AHO

PASTORA RENUS OLSON

Tsy mba olona mpahitahita fahitana foana aho, nefa ity iray ity dia tonga tamiko tamin'ny fomba tsy dia fahita andavan'andro loatra, ary tena mazava sy feno hery, ka tsy voatanako ny tenako tsy hirakitra sy hampiasa izany eo amin'ny Asa Fanompoana araka izay nahatsapako fa nilana izany.

Nandritra ny iray tamin'ny asa fitandremako, dia maty ny iray tamin'ny mpinoko, vehivavy efa nanakaiky ny taon-jato ny fiainany. Mpikambana teo amin'ny fiangonana nandritra ny androm-piainany rehetra izy, koa dia mazava ho azy fa tena maro mpahafantatra tokoa. Ny fotoam-pivavahan'ny fandevenana dia hatao ao am-piangonana ny Alahady folakandro. Ho feno hipoka ny fiangonana, azoko itompoana izany.

Ny Sabotsy dia efa nanomboka nanomana hafatra ho an'ny fotoam-pivavahana aho. Nanao izay ho afako aho, nefa tsy nahomana na dia zavatra iray aza ; raha ny marina dia tsy nahefa akory aho, na dia izay fiatombohana tsara eo amin'ny fanao mahazatra rehefa manomana toriteny. Nifototra sy niasa fatratra hatrany aoriana lavitra ny misasakalina aho. Dia niresaka tamin'Andriamanitra aho ka nilaza taminy fa raha misy hafatra tokony ho an'ny vahoaka ny Alahady folakandro, dia mba hatolony ahy amin'ny fomba saro-pantarina izany, satria efa nikely aina mafy aho nefa tsy nisy na inona na inona azo naseho ho amin'izany (Tahaka ny mpianatra izay nanarato tontolo alina, nefa tsy nahazo).

Nakisako tery an'ila ny zavatra rehetra, dia lasa aho niala sasatra. Vao tafandry teo am-pandriana fotsiny aho dia nahita san'i Nenitoa Maria teo amin'ny vavahady perlan'ny lanitra. Inty tamy anjely iray nitsena azy, dia nandray azy tamin'ny tanany ka nanao hoe : « VOALOHANY dia tokony hanao fanamarihana any amin'ny Sampan-draharahan'ny FITANANA NY BOKY isika».

Izany dia efitrano iray tena midadasika nisy etazera lehibe maro feno boky, toy irony boky firaketana fahita eny amin'ny Fitsarana irony. Na dia toa vita amin'ny metaly aza ny etazera, ary ny boky sy ny rindrina dia tena azo tsapain-tanana tokoa, nefa dia tanteram-pahazavana izy ireo ka dia azo natao ny mitaratra izay ao ambadik'izany. Raha nitsangana teo aho nibanjina ilay Tanàna masina, dia tsikaritro koa Nenitoa Maria variana mijery izany. Ny hafatratr'ilay Tànana sy ny fanjelatry ny hatsaran-tarehiny dia tsy hay tanisaina. Raha mbola nibanjina ilay Tànana izahay, ilay anjely kosa nikaroka ka nampidina boky iray lehibe, ary raha namadibadika ny pejy izy dia niato tampoka ka nitodika tany amin'i Nenitoa Maria no niteny hoe : « Tsara izany, mahazo mitoetra aty ianao. Jereo fa voasoratra ato ny anaranao ».

Namaly Nenitoa Maria : « Raha mahazo mitoetra aty àry aho, dia mba te-hanampy amin'ny fandoavana vola kely », ary sady niteny izany izy no nanatsotra ny tànany hitady ny paosiny tao anaty akanjo. (Nenitoa Maria dia mpanao akanjo misy paosy amin'ny zipony izay màzana fitondràny ny poketrany). Tsy hita izay paosy teo, ka dia nijery ny tenany izy ary izay no voalohany nahatsapany fa hay nanao akanjo fotsy lava tsy misy pentina izy, saingy tsy nisy paosy. « Tsia, hoy ilay anjely, tsy mila paosy ianao rehefa aty, na dia hasianao ny mosaranao aza, satria efa nofafan'Andriamanitra ny ranomaso farany indrindra tamin'ny masonao ».

Dia namaly Nenitoa Maria, « Nefa dia azoko antoka fa tokony ho nanana masom-bola kely aho satria tena nitandrina mafy aho mba tsy handanilany foana. Fantatro fa nahatahiry kely aho ». Nisy fahanginana lehibe. – « Eny, hoy ilay anjely, nanao izany tokoa ianao, saingy efa nilaozanao eny

ambany avokoa izany ». Fahanginana bebe kokoa. (Eto dia mamela ahy hilaza fa tsy mbola nisy fotoana toa nahitan'i Nenitoa Maria na nahafantarany fa nizotra teo aho).

Dia nentin'ny anjely tamin'ny tànany Nenitoa Maria ho any amin'ny EFITRANO FANASATROHAM-BONINAHITRA. Izany koa dia mbola efitrano lehibe nisy etazera maro tahaka ireo tao amin'ny sampandraharan'ny fitanana ny boky.

Eto dia feno satroboninahitra kanto dia kanto ireo etazera, ary raha nandinika azy ireo i Nenitoa Maria, dia nanontany hoe : « NAHOANA ny sasany no manana vatosoa betsaka kokoa noho ny hafa, ary ny sasany indray dia tena tsy misy vatosoa mihitsy ? ». Tsy mba nahita izay singam-batosoa teo amin'ny satroboninahitr'i Nenitoa Maria aho. Nefa na izany aza dia tena tsara tarehy izany, ary rehefa avy namaly azy ilay anjely tamin'ny hoe : « Ny vatosoa dia ny fanahin'olona izay azonao ho an'i Kristy », dia napetany teo an-dohan'i Nenitoa Maria ilay satroboninahitra ka omby azy tsara, ary hita toa afa-po izy.

Dia mbola nitantana azy indray ilay anjely (ary izaho dia nizotra avy ato aoriana), ka hoy izy, « Avia fa hasehoko anao ny fonenanao ». Nidina ny arabe faran'izay tsara tarehy indrindra izahay, ka tsy mbola hitako na azoko nofy izay toy izany ! Tery afovoany dia nisy làlambe tsara voaravaka foto-drofia sy voninkazo isankarazany rehetra. Teny andaniny roa dia nisy rofia sy voninkazo maro kokoa, ary trano fonenana malalaka sy tsara tarehy maro. Tsy nisy roa nitovy, nefa samy sahala tamin'ny hakanto, ary samy nahasarika izy rehetra .

Rehefa avy nentina niditra hizaha maromaro tamin'ireo i Nenitoa Maria (tsy nahitàko olona na dia iray aza tao amin'ireo), dia hoy izy : « Mba afaka hanana trano anankiray tahaka an'ity ve aho ? ». « Eny, hoy ny valinteny. Tsy tsaroanao ve fa nilaza Jesosy hoe : « Ao an-tranon'ny Raiko misy fitoerana maro ? » Ireo dia fanomezana maimaimpoana avy tamin'Andriamanitra avokoa. Tsy nanampy akory ianao mba hahavitana azy ireo. Tsy misy olona afa-manao izany ».

Dia nankao amin'i Nenitoa Maria izahay, ary rehefa avy nitety sy nizahazaha be ihany tamin'izany, dia henoko izy nametra-panontaniana : « Fomba ahoana no mahatsara fanaka lavitra ny sasany noho ny sasany ? » Namaly tsotra ilay anjely, « Tsy tsaroanao ve fa nilaza taminareo Jesosy hoe : Miharia harena ho anareo any an-danitra ? Ireo fanaka ireo dia tsy inona fa ny harena izay nalefan'ny tsirairay ho aty an-danitra nandritra ny taona nifandimby. Tsaroanao ? Tsarovy---« Na dia rano mangatsiaka eran'ny kapoaka aza noho ny Anarako ».

Raha nijoro nibanjina rindrina iray lehibe tsy misy na inona na inona tao an-trano madio i Nenitoa Maria, dia nitodika teny amin'ilay anjely izy ka nanao hoe : « Mba maniry hanana anankiray amin'irony sary hosodoko tsara tarehy sady be velarana tahaka izay hitako tao amin'ny iray tamin'ireo trano hafa re aho, mba hataoko tandrify etsy ». Namaly ilay anjely : « Ireny dia tamin'ny alàlan'ny fanaovan-tsorona be indrindra no namoronana azy ka tara be loatra izao ; efa dila ny andro azonao nararaotina.

Dia hoy Nenitoa Maria, « Raha izany ary dia avelao aho hiverina eny ambonin'ny tany mandritra ny andro vitsivitsy mba hahafahko milaza amin'ny namako rehetra ny amin'izany ». « Tsia, hoy ny anjely, tsy azo atao izany, misy tevana mankadiry manelanelana ny lanitra sy ny tany ». Namaly Nenitoa Maria ka nanao hoe : « Eny àry, raha izany dia ilazao itsy mpitoriteny itsy hidina eny ka hanizingizina bebe kokoa amin'ny hafatra izay homeny ny vahoaka. Ilazao izy ireo mba tsy hanao antsirambina ireo zavatra iankinan'ny aina ireo ».

Tampoka dia tany ivelany teo amin'ilay arabe indray izahay, ka nandre hira, ary endrey ! hira nanao ahoana izany ! Marina tokoa fa « toy ny firohondrohon'ny ranobe ». Raha nitohy nandroso ho amin'ny toerana niavian'ilay hira izahay, dia niato tampoka dia tampoka i Nenitoa Maria, dia nanondro nidina ka nanao hoe : « jereo fa efa mivory sahady mba hiresaka ny amin'ny hamerana ny teti-pananana izy ireo ». Dia nitazana nidina aho, ka indreo, tery an-tsisin-tanàna, hitako revo nifandahan-dresaka ireo ampahan'olona izay voakasik'izany. (Ny Alatsinainy taorian'ny fandevenana, ireo fianakaviana dia nifamory teo amin'ilay toerana hitako tamin'ny fahitana indrindra, ka nifampiresaka).

Raha nanohy ny dianay izahay, dia nihamafy hatrany ny feon'ilay hira. Tsy ela, dia hitako izay noheveriko fa ilay Sezafiandrianana Fotsy Lehibe, fotsy nanjopiaka izany, ary nanjelanjelatra toy ny diamondra maro. Tsy azoko nofaritana raha nisy nipetraka teo ambon'ny Sezafiandrianana na tsia. Namiratra loatra izany, ka sarotra tamiko ny nibanjina azy, na dia avy amin'ny toerana lavitra be aza.

Raha tonga teo anindran'olo-marobe izay nihira manodidina ilay Sezafiandrianana izahay, dia nampiraika ny lohany I Nenitoa Maria ka nikambana tamin'ilay fiaraha-mihira, ary vetivety dia very tao anatin'ireo marobe. (Fony teny ambonin'ny tany dia tsy nahahira na dia naoty iray aza i Nenitoa Maria, nefa izao kosa dia niara-nihira tamin'ny sangany tamin'izy ireo izy).

Raha tafadify teo anivon'ilay antoko mpihira i Nenitoa Maria, dia nandray ny tànako ilay anjely ary dia nentina faingana hiverina teny am-bavahady aho. Rehefa nanakaiky ny vavahady izahay dia nandre feon-dakolosy faran'izay kanto indrindra izay tsy mbola fahenoko aho. Niato aho dia nanontany : « Inona izany, ary noho ny inona ? » Hoy ilay anjely : « Misy fifaliana aty an-danitra rehefa misy mpivahiny tonga honina aty ». Niaraka tamin'izay dia naterina teny ivelan'ny vavahadin-danitra aho. Teo no ho eo dia nifoha tanteraka aho, dia niarina ka nandray an-tsoratra izay zavatra hitako sy reko. Izany no hafatra nomen'Andriamanitra ahy, ary izany hafatra iany no nampitaiko amin'ilay havoriana, iny Alahdy iny.

Renus OLSON

APOKALYPSY 20 :11-15 « Ary nahita SEZA FIANDRIANANA FOTSY LEHIBE aho, ary Ilay mipetraka eo amboniny ; ny tany sy ny lanitra nandositra ny tavany, ka tsy nisy hitoeran'ireo intsony. Ary nahita ny maty aho, na ny kely, na ny lehibe, nitsangana teo anoloan'ny sezafiandrianana ; ary novelarina ny boky ; ary nisy boky iray koa novelarina, dia ny BOKIN'NY FIAINANA izany ; ary ny maty dia notsaraina araka ireo zavatra voasoratra teo anatin'ny boky, araka ny asany.

Ary ny ranomasina dia namoaka ny maty tao anatiny ; ary ny fahafatesana sy ny helo namoaka ny maty tao aminy : dia samy notsaraina araka ny asany izy. Ary ny fahafatesana sy ny helo dia natsipy tany amin'ny farihy afo. Izany no fahafatesana faharoa. Ary raha nisy tsy voasoratra teo anatin'ny bokin'ny fiainana, dia natsipy tany amin'ny farihy afo ».

ISAIA 66 :23-24 : « Ary izao no hiseho, isaky ny voaloham-bolana sy isan-tsabata dia ho avy ny nofo rehetra ka hiankohoka eo anatrehako, hoy Jehovah. Ary hivoaka izy ireo ka hijery ny fatin'ny olona izay niodina tamiko ; FA NY KANKANY TSY HO FATY, ARY NY AFONY TSY HO VONOINA ; ary hataon'ny nofo rehetra ho fahavetavetana izy"